# MOFONAINA 08 NOVAMBRA 2024 – Romana 12:9-21

Zoma 08 Novambra 2024

**FANDAHARANA :**

- **Salamo 119:161-168**
- **Hira 170:** Ry Jesoa ny fitiavanao
- **Vavaka**
- **Hira 534/1:** Misy didy tena tsara
- **Soratra Masina:** Romana 12:9-21
- **Hira HF 18/2:** Raha tonga ny andro…
- **Fiaraha-Mandinika Soratra Masina**
- **Vavaka**
- **Hira 530:** Fitiavana rano velona
- **Tsodrano**

---

**ROMANA 12:9-21**

**Endrika manokana** no anolorana ny Fiaraha-Mandinika Soratra Masina anio. Efa niverina matetika teo anoloantsika ity bokin'ny Romana ity. Hifantoka ao amin'ny teksta anio isika.

Ny **Romana 12**: Toko mirakitra ny fampiharana ny fampianarana (toko 1-11), ary manomboka amin'ny fanoloran-tena sy fandavana an'izao tontolo izao izany.

- **Rom 12:1-2 :** Fanoloran-tena sy fiainam-baovao.
- **Rom 12:3-8 :** Fiainam-panompoana miaraka amin'ny Fiangonana.
- **Rom 12:9-21 :** Fiainam-piarahamonina amin'ny hafa.

---

# FANDINIHANA NY TEKSTA

**Drafitra:**

- **Rom 12:9 :** Fitiavana madio.
- **Rom 12:10-13 :** Fifankatiavana amin'ny maha mpino.
- **Rom 12:14-16 :** Fifandraisana amin'ny hafa amin'ny fitiavana.
- **Rom 12:17-21 :** Fihatrehana am-pitiavana ny faharatsiana eny amin'ny fiaraha-monina.

1. Ity teksta ity dia mifototra amin'ny andininy Rom 12:9: Amin'ny Baiboly Grika dia tsy misy teboka raha tsy ao amin'ny Rom 12:13.
2. Voamarika ato amin'ny teksta ny fiverenan'ny teny hoe "Aza," izay milaza fandrarana (na fandavana) im-7. Izay dikan'ny teny grika hoe **mé**. Tsy tazana ao amin'ny dikanteny malagasy ny voambolana grika hoe **té** mialoha ny teny fanentanana hanao (ohatra, andininy 10: "Mifankatiava" sy "Mitariha"). Io teny io anefa dia manondro hevitra milaza fomba fanatanterahana. Raha adika dia hoe "amin'ny fifankatiavana araka ny … amin'ny fitarihan-dalana amin'ny fifanomezam-boninahitra," toy izany koa ny manaraka rehetra (Rom 12:10-13). Fomba enti-manatanteraka fa tsy baiko fotsiny.

**Ohatra hafa:**
Ao amin'ny andininy faha-19 izay manao hoe "Aza mamaly ratsy ny ratsy, fa omeo lalana ny fahatezerana," dia mazava kokoa raha ampiditra ny hevitry ny teny hoe **té**, ka tonga hoe "amin'ny fanomezan-dalana ny fahatezerana."

3. **Romana 12:20** // **Ohabolana 25:21-22**
   Amin'ny Jiosy, ny "vain'afo" dia manambara fahafahana sy fanasitranana, fanomezana aina sy fitiavana. Sady manasitrana sy manafaka anao no manasitrana ny hafa ny fanaovana soa amin'izay nanao ratsy.